FARITRA MENABE

Basy 33 omby 73 tratran'ny miaramila mpanao fisafoana

Manohy manao fisafoana any amin'ny faritra mena, any amin'ny faritra Menabe iny, ny miaramila avy amin'ny Zrps (Zone Rurale Prioritaire de Sécurité) Bravo. Vokatr'izany hetsika amin'ny iadiana amin'ny asan-dahalo izany: omby miisa 73 no tafaverina amin'ny tompony ary basy miisa 33 tsy nisy taratasy mazava ihany koa no tratran'ireo miaramilan'ny ZRPS BRAVO ireo, izay mamita iraka any amin'iny faritra Menabe iny tao anatin'ny roa volana mahery. Ankoatra izany dia misy ihany koa ny asa sosialy ataon'ny tafika toy ny fizaham-pahasalamana amin'izao asa ataon'izy ireo amin'iny faritra iny izao.

Niaina

Ireo basy saron'ny miaramila nandritra ny 2 volana tany amin'ny faritra Menabe.

Ady amin'ny zava-mahadomelina

Vehivavy 31 taona tratra nitondra rongony 4 kg, toaka gasy ary ody gasy

Ilay vehivavy tratra nitondra zava-mahadomelina tany Andapa.

Eo amin'ny ady amin'ny zava-mahadomelina ny faran'ny herinandro teo, tany amin'ny faritra Sava iny, tokony ho tamin'ny 06 ora hariva, rehefa nanao fisafoana tamin'ny lalana mandeha any amin'ny kaominina Ambodiangezoka, distrikan'Andapa ny zandary avy ao amin'ny etamazaoron'ny kaompania Andapa dia nahasambotra vehivavy iray 31 taona avy any Ambodiadabo, distrikan'I Bealanana faritra Sofia. Tratra nitondra rongony milanja 04 kg sy tavoahangy iray feno toaka gasy ary sachet feno ody gasy ity vehivavy ity tamin'izany. Mbola manohy ny famotorana azy ny mpitandro filaminana any an-toerana ankehitriny.

Stefa

Ikalamavony

Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ny 8 martsa ireo vehivavy any

Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ny fankalazana ny andro eran-tany ho an'ny vehivavy, ny 8 martsa ny alahady teo, ny tany amin'ny distrikan'Ikalamavony, faritra Matsiatra Ambony. Voaporofo fa mahavita azy ny vehivavy ary manana ny toerana maha izy azy eo anivon'ny fiarahamonina sy ny fiainam-pirenena ary ny ankohonana, hoy ny depiote voafidy tany antoerana, Ramatoa Raharimampionona. Vao maraina dia nisy ny famohamandry natao nanerana ny tanàna izay tabatabam-pifaliana sy horakoraka. Narahan'ny filaharambe namakivaky ny tanàna, izay nandraisan' ireo fikambanam-behivavy maro samihafa misy ao amin'ny Distrika. Nisy ny fanentanana ireo vehivavy hivondronana anaty fikambanana, mba hahafahana manome tantsoroka azy ireo amin'ny fiofanana sy fikarohana famatsiana ara-bola hahafahan'izy ireo mivelatra amin'ny sehatra misy azy ireo, ho afaka hahita fidiram-bola hanatsarana ny fiainan-tokantrano. Nisy lambahoany 3.000 notsinjaraina ho an'ireo solontenan'ny fikambanam-behivavy manerana ireo Kaominina mandrafitra ny Disitrikan'i Ikalamavony, tamin'ity fankalazana ity, ahafahan'izy ireo manana fitafy miavaka amin'izay mbola hetsika rehetra hatao ao amin'ny Disitrikan'Ikalamavony, na ankasoava na an-karatsiana. Hisy hetsika izay kasaina hatao ny volana Jolay 2020, izay hampitondraina ny anarana hoe : « Saobokatsa », ho entina manandratra sy mamerina ny hasin'ity Disitrikan'i Ikalamavony ity eo amin'ny lafiny ara-kolontsaina, toekarena, fanatanjahantena ary arabarotra, hoy ihany Ramatoa depiote. Mandritra ny dimy andro no heverina fa hanatanterahana izany dia ny 28 Jolay ka hatramin'ny 02 Aogositra 2020. Fa nanamarika ny fankalazana ny 08 Marsa tamin'ity taona ity tany an-toerana koa ny nanokafana indray ny tsenan'omby ao Ambalasoa, Ikalamavony rehefa nikatona nandritra ny fotoana maro noho ny asan-dahalo izay namoizana aina sy naharavana harenan' olona maro. Efa mihamandry fahalemana ny Vahoaka ankehitriny noho ny ezaka niarahan'ny Tafika Malagasy sy ny Zandarimariam-pirenena nanao.

Niaina

Ny fankalazana ny 8 martsa tany Ikalamavony.

Ortana

« Randonnée » any Ambohimanga ny sabotsy 14 martsa izao

Hanatanteraka « randonnée », na fizahantany laroina fanatanjahantena voalohany amin'ity taona ity ny Ortana, na ny Ofisim-paritry ny Fizahanta ny amin'ny faritra Analamanga. Any Ambohimanga, distrikan' Antananarivo Avaradrano, faritra Analamanga, iray amin'ireo tendrombohitra 12 amin'ny faritr'Imerina no hanaovana izany. Ny tendrombohitra Ambohimanga dia sady toerana manan-tantata ara-kolontsaina, no fanatanterahana fivavahana nentim-paharazana ihany koa. 7 km eo ny halavirana halain'ireo mpandray anjara amin'ity fizahantany laroina fanatanjahantena ny sabotsy izao ity, eo amin'ny 20 km mahery eo any avaratry ny renivohitra. Miainga amin'ny tanànan'Ambatondradama ireo mpandray anjara ary hihodidina ny tendrombohitra sy ny Rovan'Ambohimanga, izay ahitana doany sy ny hakanton'ny tontolo manodidina amin'iny faritra iny. Amin'ny 7 ora maraina no fiaingana avy eo Antaninarenina ho any Ambohimanga, amin'ny 9 ora kosa no hanomboka ny randonnée any an-toerana.

Aly

Ny tendrombohitra Ambohimanga sy ny manodidina azy.

Ranomafana Brickaville

Fambolen-kazo tamin'ny tany 7 ha no nanamarihana ny 8 martsa

Zana-kazo miisa 1500 no nambolen'ny fiadidian'ny kaominina, niaraka tamin'ny fikambanam-behivavy avy amin'ny kaominina Ranomafana Atsinanana, distrikan'i Brickaville, faritra Atsinanana, izay natao tany amin'ny fokontany Ampasimpotsy ho fanamarihana ny 8 martsa. Nilaza ny Ben'ny tanàna Ravelonasy Barthelemy Samuel, fa nosafidiana manokana ny fambolenkazo tamin'ity taona ity satria efa ho tapitra ny alan'ny kaominina Ranomafana sy ny faritra Atsinanana. Nanohy nanazava ity Ben'ny tanàna ity, fa mananosarotra ny fitadiavan'ny mponina any an-toerana ny hazo hanamboarana sekoly sy trano ary fitaovana. Ankoatra ny hetsika fambolen-kazo dia nisy ihany koa ny fifaninanana ara-panatanjahantena: baolina kitra, nataon'ireo fikambanam-behivavy avy amin'ny fokntany miisa 9; ny hetsika vakodrazana; ny fiaraha- misakafo sy ny sisa... Nilaza izy fa miroso amin'ny fanitarana ny Lapan'ny tanàna, izay ahitana efitra miisa 16 miaraka amin'ny efitra misy fandraisana lanonam-panambadiana ny kaominina. Manginy fotsiny ny fanavaozana ny tsena; ny fananganana tanàna vaovao mirefy 3 hektara; fananganana "Lycée" sy "Ceg" ary "Epp" any amin'ny fokontany, ny fampidirana rano fisotro madio. Eo amin'ny lafiny fahasalamana dia nanamafy ny Ben'ny tanànan' i Ranomafana, fa havaozina sy hampitomboin'ny kaominina ireo Csb I sy Csb II any an-toerana, ao anatin'izany ny fanatsarana ny tranon'ny marary; ny famatsiana herin'aratra avy amin'ny herin'ny masoandro, ny famatsiana ny fanafody, ny fampidirana ny mpiasan'ny fahasalamana. Namoaka "Arrêté", na didim-pitondrana kaominaly ho an'ny lehiben'ny fokontany sy ny mpanentana ara-pahasalamana any an-toerana ny fiadidian'ny kaominina, mba handefa an'ireo olona mararin'ny tazo sy ny vehivavy tratran'ny hasarotam-piterahana, ho an'ny amin'ny Csb II, amin'ny alalan'ny "Ambulance", hisorohana ny fahafatesan'ny olona. Marihina fa volan'ny kaominina madiodio avokoa no anatanterahana an'ireo tetik'asa fampandrosoana ny tontolon'ny fampianarana sy ny fahasalamam-bahoaka ireo, hoy ihany ity Ben'ny tanàna ity.

Ny ben'ny tanànan'i Ranomafana Atsinanana, any amin'ny distrikan'i Brickaville.

Franck Razakambelo